2

# NY SOKAJIN-TENY MPAMARI-TOETRA

FITSIPIKY NY TENY

## TANJONA

- Manavaka ny mpamari-toetra sy ireo teny hafa sokajy.
- Mamaritra nysokajin'ireo teny entina manambara ny toetrana zavatra, olona ary biby.
- Mamantatra ireo karazam-pamari-toetra araka ny fiforonany.

## LESONA HOTADIDIANA

Ny antsoina hoe mpamari-toetra dia ireo teny rehetra ilazana toetran'olona, na toetram-biby, na toetran-javatra.

Ny mpamari-toetra dia teny mety mamaritra loko, habe, toetra, bika ary fihetsika.

Maro ny karazana mpamari-toetra araka ny fiforonany :

- Ny mpamari-toetra fototeny
  - **Fototeny tsotra**

ohatra : mafy

  - **Fototeny verindroa**

ohatra : tsaratsara

- Ny mpamari-toetra sampanteny ahitana tsirin-teny :
  - **Tovona –ka**

ohatra : kapotsaka

  - **Tovona m-, ma-, mi-, man-**

ohatra : maloka, marary, midangana, mamanala

  - **Tovana –ina, -ana**

ohatra : vatoina, nofosana

  - **Tsofoka**

ohatra : bilitika

  - **Tsirin-teny sara-droa ka-, ki- …. –ina**

ohatra : kitratraina

- Afaka mandeha irery ao anaty fehezanteny ny mpamari-toetra, na mipetraka eo afaran'ny teny faritany na ihany koa mipetraka eo alohan'ny teny faritany.
- Afaka mitana anjara asa EM na L na RF na ZP ny mpamari-toetra.

## Sahanasa 1

- Vakio ny lahatsoratra

Falifaly ny mpianakavy rehefa fety. Misomeby teo an-tokotany malalaka ireo ankizy ka nivovo ilay alika masiaka. Nanolotra omby matavy hovonoina i dadabe. Tsy kahihitra izy. Ny lehilahy matanjaka sy nofosana no namono ilay omby. Nitazana teny lavidavitra teny ny vehivavy malefaka fihetsika sady nampitovy ankanjo maitso daholo.

- Inona ny sokajin-teny tena hita miverimberina ao amin'ny lahatsoratra ?
- Tsipiho izay mpamari-toetra ao anaty lahatsoratra.
- Fenoy amin'ireo mpamari-toetra ireo ny fafana ary asio marika izay faritany : loko, habe, toetra, bika.

| Mpamari-toetra ilazana toetrana | | | Mpamari-toetra mamaritra | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|
| olona | biby | zavatra | loko | habe | fihetsika | toetra | bika |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |

## Sahanasa 2

| Mpamari-toetra | Fototeny | Fandrasana | Karazany |
|---|---|---|---|
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |

- Lazao ny toeran'ny mpamari-toetra amin'ireto fehezanteny ireto
  - Falifaly ny ao an-tanàna.
  - Misy toe-javatra mafanafana koa ao.
  - Fotsy tenda ny goaika.
- Omeo ny anjara asan'ny mpamari-toetra ao anaty fehezanteny
  - Falifaly ny ao an-tanàna.
  - Loko tiako ny maitso.
  - Lanonana malaza ny famorana.
  - Mitsimpona izay vaventy ilay mpivarotra ovy.

## Sahanasa 3

Mamorona lahatsoratra fohy misy fehezanteny folo eo ho eo mitantara lanonana iray izay natrehina ka ampiasaina ny karazana mpamari-toetra.